# Newsletter

Juin 2021

Sampana Iraisana
Antoko Mpihira




## TENY FANOLORANA

*« Miderà an'I Jehovah, miantsoa ny Anarany; Ampahafantaro ny firenena ny Asany. Mihirà ho Azy, mankalazà Azy; Saintsaino ny fahagagana rehetra ataony.! » (1 Tan 16 : 8-9)*

Ry havana, ho aminareo anie ny Fahasoavana sy ny Fiadanana avy amin'Andriamanitra Raintsika sy i Jesosy Kristy Tompo.
Ny AMF FPMA mampahafantatra ny Asan'ny Tompo no lohahevitra niainan'ny AMF FPMA FATSATS (Faritany ATSimo ATSinanana) ny ChœurUni teto amin'ny Faritany tamin'ny 8-9 mey 2021 lasa teo.
Ny Teny nomen'Andriamanitra ho fanevan'izany moa dia voasoratra ao amin'ny 1 Tantara 16, 8-9, manao hoe :
***« Miderà Ny TOMPO, miantsoa ny Anarany,ampahafantaro ny firenena ny Asany. Mihirà ho Azy, mankalazà Azy, saintsaino ny fahagagana rehetra ataony ».***

Ny fampianarana natao, nalaina avy amin'ny 1 Tantara 16 manontolo, no zaraina amintsika eto amin'ity teny fanolorana ity. Teo amin'ny sehatry ny fandaminana ny fanompoam-pivavahana no nanoloran'Andriamanitra, tamin'ny alalan'i Davida mpanjaka, izao Teny izao.
Tao amin'ny fanompoam-pivavahana dia nametraka ny Fiaran'Andriamanitra (= ny Tenin'Andriamanitra)
tao afovoan'ny lay (= ny fiainantsika) ny olona, ary nanatitra fanatitra odorana sy fanati-pihavanana
(= tenantsika sy izay momba antsika rehetra) teo anatrehan'Andriamanitra izy

Notendren'i Davida (= nantsoin'Andriamanitra)ny Levita sasany (= ny Antoko Mpihira AMF) ho mpanao fanompoam-pivavahana (= firaisana amin'Andriamanitra) ka hankalaza sy hisaotra ary hidera (= fiderana)
Ny TOMPO Andriamanitra. Manana anjara amin'izany ny mino (= ny kristiana rehetra = ny fiangonana manontolo) satria mpisorona izy.

Ataon'izay nitady ny Tavan'ny Tompo amin'ny fony ka mifaly mahatsiaro ny akon'ny Asan'ny Tompo eo amin'ny fiainany izany, satria Andriamanitra masina tokoa no tompointsika ka manamarina ny Fanaikeny.

Ny fankalazana ny Tompo dia anambarana isan'andro isan'andro ny Famonjeny mahafaly : toriana any amin'ny jentilisa ny Voninahiny (= firotsahany an-tsehatra ao amin'ny Fanaikeny) ary any amin'ny firenena rehetra ny fahagagana ataony (= ny Asam-Pamonjeny).

Ao amin'ny firotsahantsika an-tsehatra, amin'ny momba antsika rehetra, amin'ny fiderana ny Tompo sy fitoriana ny Filazantsaran'ny Famonjena no anomezantsika Voninahitra ny Anaran'Andriamanitra. Sady endriky ny fanamasinantsika ny Tompo izany no maneho ny fatahorantsika (= respect) Azy.

Misy fandaminana amin'izany mba hanaja ny fahamasinan'Andriamanitra ny fanompoantsika Azy : ka ao ho mpiandry varavarana mandamina ny firindran'ny fanompoana atao, misy koa ny mpitendry zava-maneno sy mpihira. Kanefa izy rehetra dia mpisorona manao ho fanatitra ho an'Andriamanitra Tompo ny fanompoany.

Andeha àry, ry AMF FPMA, isika hiara-manompo an'Andriamanitra araka ny Sitrapony ka handeha miendrika ny fiantsoana izay niantsoany antsika **(1 Kor. 1, 26 / Kol. 1, 10 / Efes. 4, 1 / 2 Tes. 1, 11 / 2 Tim. 1, 9)**.

Voninahitra anie ho an'Andriamanitra Ray sy Zanaka ary Fanahy Masina, izay hatramin'ny taloha indrindra ka ho mandrakizay. Amen !

*Pasteur Donald Ratiambahoaka GIZY*

*Mpitandrina Mpiahy AMF FATSATS*



# EDITO

*Louez l'Éternel, invoquez son nom ! Faites connaître parmi les peuples ses hauts faits ! Chantez, chantez en son honneur ! Parlez de toutes ses merveilles ! »*
*(1 Chroniques 16 : 8-9)*

Tel était le thème du ChoeurUni Sud-Est que nous avons organisé tous « en chœur » pour la Gloire de notre Seigneur. Un évènement qui a eu la particularité, pandémie oblige, de se dérouler en distanciel, donc chanté en chœur à travers les vidéos, et par écran interposé !

Comment pouvons-nous louer le Seigneur si nous ne nous efforçons pas à tenir fermement à sa recommandation : ***«Je vous donne un commandement nouveau : Aimez-vous les uns les autres. Comme je vous ai aimés, vous aussi aimez-vous les uns les autres. C'est à cela que tous reconnaîtront que vous êtes mes disciples…» (Jean 13. 34-35)***

Je voudrais vous saluer, au nom du Bureau régional, vous Choristes de la FPMA de la Région Sud-Est et tous ceux qui ont préparé, participé, de près ou de loin, assisté au **CHOEURUNI VIRTUEL** en cette année 2021 devant votre ordinateur, smartphone ou tablette…tout en ayant une pensée pour nos proches, victimes du COVID 19.

Nous savons tous que la finalité première de ce rassemblement est tout d'abord une louange pour notre Seigneur, et ce, par le chant. Nous avons également à cœur à entretenir la fraternité entre nous, choristes chaque paroisse et l'amour que nous avons tous, sans exception, pour notre Église nous rendant engagés et responsables au service de notre Seigneur Jésus Christ.

Comme nous le savons tous, « Chanter, c'est prier deux fois». Élevons et unissons donc nos voix pour annoncer Sa louange, car l'apôtre Paul nous exhorte: ***«Que le Dieu de la persévérance et du réconfort vous donne de vivre en plein accord les uns avec les autres comme le veut Jésus-Christ, afin que tous ensemble d'une seule voix, vous rendiez gloire au Dieu et Père de notre Seigneur Jésus-Christ.» (Romains 15. 5-6)***

Je vous exhorte, au nom du Bureau AMF régional de persévérer dans le ministère que notre Seigneur nous a confié, passer de bons moments après ce CHOEURUNI Sud-Est 2021 mode 2.0, dans votre chorale et que Dieu vous bénisse et fructifie vos efforts pour le bien de notre chœur régional ! En gardant le mire vers l'édition nationale à Avignon l'an prochain !

*Au nom du Bureau Régional AMF SUD-EST*
*Ndrianja Hery RAMANGASALAMA*



# BUREAU AMF FATSATS 2019-2021



**Pasteur Donald Ratiambahoaka GIZY**
Pasteur aumônier
**FPMA Annemasse**



**Zo Alizah RANDRIAMALALA**
Secrétaire
**FPMA St Etienne**



**Andry RABEHASY**
Gestionnaire Financier
**FPMA Nice**



**Hery RAMANGASALAMA**
Président
**FPMA Aix-Marseille**



**Harinony RAZANAMAPISA**
Commission spirituelle
**FPMA Annemasse**



**Miahy RAZAKARIVONY**
Commission musique et chant
**FPMA Lyon**



**Fidy RAKOTOMAMONJY**
Vice-Président
**FPMA Avignon**



**MaryLou RANAIVOARISOA**
Trésorière
**FPMA Grenoble**

## MISSIONS ET PRÉROGATIVES DU BUREAU A.M.F RÉGION SUD-EST

**1-** Le bureau régional AMF Sud-Est a pour mission de gérer et coordonner les actions et activités de l'AMF FATSATS selon les directives données par le comité régional. C’est l’organe exécutif de l'AMF FATSATS dont il est le garant.

**2-** Le bureau se réunit mensuellement et chaque fois qu’il est convoqué par son président, ou que l’intérêt de l'AMF FATSATS l’exige.

**3-** Il prépare l’ordre du jour du conseil régional AMF FATSATS (Filan-kevitra AMF) et celui de l’assemblée régionale qu’il soumet au dudit conseil. Il peut prendre des décisions concernant des sujets urgents ne pouvant attendre la réunion du conseil régional.
Il peut convoquer une assemblée extraordinaire après l’accord du conseil régional.

**4-** Il organise le ChoeurUni Régional tous les 2 ans.

## ANTOKO MPIHIRA ANTSA FIDERANA (A.M.A.FI)-AIX-MARSEILLE

*«Aoka ny tenin'i Kristy hitoetra betsaka ao aminareo, ka hifampianatra sy hifananatra amim-pahendrena tanteraka ianareo; Noho ny fahasoavana manenika anareo, dia mihirà amin'ny fonareo tokoa ho an'Andriamanitra ka mikaloa salamo sy hira aryantsaasesiky ny Fanahy Masina.» (Kolosiana 3:16)*

**Président**
Tantely RAKOTONANAHARY
**Vice-président**
Tovo SCOTT
**Secrétaires**
Miora RANDRIANANDRASANA
Noelisoa RAVELONJANAHARY
**Trésorier**
Serge RATIANANAHARY



**Gestionnaire financier:**
Nambinina RAKOTONIAINA
**Conseiller**
Jules RANDRIAMARO
**Chefs de chœur**
Hery RAMANGASALAMA
Jules RANDRIAMARO
Tantely RAKOTONANAHARY

***Effectif: 42***

## ANTOKO MPIHIRA FEON'NY LANITRA -ANNEMASSE

*Niaraka niforona tamin'ny Fiangonana ny AMF (2006)*

**Président:** Harinony RAZANAMAPISA
**Secrétaire :** SuzaPrincia RASAMISAONA
**Trésorière :** Rado RANDRIAMBELOSON
**Chef de chœur :** Manitra RAMIADAMANANA



***Effectif: 16***

## ANTOKO MPIHIRA VETSOMPANAHY - AVIGNON

*« Hihira ho an'iJehovahaho, rahambolavelonakoa; Hankalazaan'Andriamanitroaho, rahambolamiaina. » Salamo 104 :33*

**Président :** Fidy RAKOTOMAMONJY
**Vice-président :** Zoarimino RASOANAIVO
**Secrétaire :** Cathy RAKOTONDRAMIANDRA
**Trésorière :** Yolande RANDRIANASOLO



**Chefs de chœur :**
Harinaina RAMAROSON
Lala RASOANAIVO

***Effectif: 15***

## ANTOKO MPIHIRA ANTSA - GRENOBLE

*"Eny, miezaka hanatratra ny marika aho hahazoako ny lokan'ny fiantsoan'Andriamanitra any ambony ao amin'i Kristy Jesoa" (Filipiana 3 : 14)*

**Présidente :** Mihanta RANDRIAMAZAORO
**Vice-présidente :** Nambinintsoa DREYFUS
**Secrétaire :** Manda DERACHINOIS
**Trésorière :** Haingo RAMANANTSOA
**Gestionnaire financier :** Gérard DREYFUS
**Chef de chœur :** Mahatsara RABESIRANANA



***Effectif: 26***

## ANTOKO MPIHIRA FEON'NY FAHAZAVANA - LYON

*Nous nous reposons essentiellement sur les paroles de Dieu pour diffuser nos messages, comme il est dit dans: "Je te louerai parmi les peuples, Seigneur ! Je te chanterai parmi les nations." (Psaume 57:10)*

**Président :** Mahary RAMASINDRAIBE
**Responsable Pôle spirituel:** Clarisse RAMINOSOA
**Responsable Pôle technique:** Miahy RANARIVELO RAZAKARIVONY
**Responsable Pôle Communications externes :** Ravo RANARIVELO
**Responsable Pôle Administration et Logistique :** Serge RAJAOFETRA



***Effectif : 25***

## ANTOKO MPIHIRA AKON'NY FIDERANA - NICE

*" Haleloia; Fa tsara ny mihira ho an' Andriamanitsika; Eny, tsara sady mendrika ny fiderana." (Salamo 147.1)*

**Président :** Andry RABEHASY
**Vice-présidente :** Olivia RABETRANO
**Secrétaire :** Eva ANDRIANJAKARISON
**Trésorière :** Holy RANDRIAMANANA
**Gestionnaire financier :** Haja RAMANITRARIVO
**Chefs de chœur :**
Tantelin'Aina RANAIVOJAONA
Rado RALALAHARISAONINA



***Effectif : 25***

# ANTOKO MPIHIRA AMBOARA FANANTENANA - ST ETIENNE

*"Fa tsara ny mihira ho an'Andriamanintsika; Eny mamy sady mendrika ny fiderana"*
*(Salamo 147 : 1)*

**Présidente :** Zo Alizah RANDRIAMALALA
**Secrétaire :** Tahiana RAVALISON
**Trésorière :** Alisoa RAZAFIMANDIMBY
**Chefs de chœur :**
Zo Alizah RANDRIAMALALA
Tianome RAZAKAMANANTSOA



***Effectif: 9***

# CHOEURUNI SUD-EST 2021
# PROGRAMME ET C ONCERT VIRTUEL

## SAMEDI 08 MAI 2021

**18h :** Culte d'ouverture et enseignement

**20h : CONCERT VIRTUEL**




## DIMANCHE 09 MAI 2021

**08h : Assemblée générale AMF Sud-Est**

**10h :** Culte de clôture

**O ! ry fireneko** (NDRATOSON Benjamin - ChoeurUni 2020 Avignon)
**Mifankatiava** (Ndriana RAMAMONJY)
**Miderà ny Tompo** (Serge RAJAOFETRA)
**Misaora misaora** (SAD RAMAROKOTO - ChoeurUni 2012 Paris)
**Ampy ho anao ny fahasoavako** (GRADON - ChoeurUni Sud-Est 2019 Avignon)
**Andao ê** (KTKT - ChoeurUni Sud-Est 2017 La Grande Motte)
**Hirahira** (SACHA)
**Raha mbola velona koa** (Jaona RANDRIANARIMANANA - ChoeurUni 2016 La Réunion)
**Jesoa** (Liva RAKOTONDRATSIMBA - ChoeurUni 2020 Avignon)
**Hanandratra Anao** (Germain RAJAONARIVELO)
**Derao Andriamanitra** ( ChoeurUni 2016 La Réunion)
**Haleloia, he hosana** ( Tojo RANDRIANAIVOJAONA - ChoeurUni 2018 Toulouse)
**Jésus Christ est Seigneur** (John FEATHERSTONE - ChoeurUni 2018 Toulouse)
**MITSANGÀNA , MIHAZAVÀ** (A. Joseph RAHARIJESY - ChoeurUni 2020 Avignon)



# FISAORANA

Ho aminareo anie ny fahasoavana sy ny fiadanana avy amin'Andriamanitra Ray sy Jesoa Kristy Tompontsika ary ny herin'ny Fanahy Masina. Isaorana anie Andriamanitra Tompon'ny asa fa tanteraka soa aman-tsara ny **LASIN-KIRA AMF 2021** Faritany Atsimo Atsinanana (ChoeurUni Sud-Est) notanterahina ny 8 sy 9 Mey 2021 lasa teo, natao tsy mifanatri-tava.

Fisaorana eram-po tokoa no atolotra antsika rehetra: Fiangonana fito sy Sampana Antoko Mpihira eto amin'ny Faritany, isika vahoakan'Andriamanitra (teknisiana, vaomieran'ny Aim-panahy, mpandray anjara tamin'ny fanompoam-pivavahana,...) nanomana, nanampy, nanotrona sy nitrotro ambavaka, naneho indray ny fiombonantsika aina ka nanohana tamin'ny fanatanterahana izany lasy izany. Lasy izay niseho tamin'ny fomba hafa tsy toy ny fanao, nohon'ny antony izay iarahantsika mahalala. Ny Tompo anie hamaly fitia sy hanonitra avy zato heny izay vita sy laninareo.Koa dia mahereza ao amin'ny Tompo sy amin'ny faherezana rehetra.
Ho voninahitr'Ilay efa niantso antsika.

Aza adino ihany koa ny mitondra am-bavaka ny Lasy nasionaly izay hotanterahina any Avignon ny 26-27-28 ary 29 Mey 2022, ka ny teny faneva amin'izany dia hoe: ***"Mitsangàna, mihazavà, fa tonga ny fahazavanao, ary ny voninahitr'i Jehovah efa miposaka aminao." (Isaia 60:1)***. Miandrandra izany hetsika lehibe eto amin'ny Faritany izany isika.

Ao anatin'izany rehetra izany dia tsaroana etoana ny tenin'ny Apostoly Paoly manao hoe:***"Fa tsy nomen'Andriamanitra fanahy osa isika fa fanahy mahery sy fitiavana ary fahononan-tena. Koa aza menatra ho vavolombelon'ny Tompontsika."***

Ho aminareo anie ny fahasoavana sy ny fiadanana avy amin'Andriamanitra Ray sy Jesoa Kristy Tompontsika.

Amin'nyanaran'ny Birao AMF FATSATS

Pasteur Donald Ratiambahoaka GIZY, Mpitandrina mpiahy
Hery RAMANGASALAMA, Filoha